



USAID
AVY AMIN'NY
VAHOAKA AMERIKANA



FIFANDIMBIASAM- BOLY AMIN'NY AMBATRY NA AMBERIVATRY (*Cajanus Cajan*)

Faritra maina na koa be rivotra eto
Madagasikara



FZAHAN-TAKELAKA

I - Antony tokony hambolena ny Ambatry na Amberivatra.....	1
II - Tombotsoa mety ho azo	1
III - Fambolena ny ambatry	2
III.1 - Tanjona :	2
III.2 - Fotoana fambolena.....	2
III.3 - Fomba famboalena sy ny elanelan'ny voly	2
III.3.1 - Ambatry samy irery.....	2
III.3.2 - Ambatry miaraka amin'ny ampemba na bajiry	2
III.3.3 - Ambatry miaraka amin'ny Katsaka amin'ny tany efa nambolena teo aloha	3
III.4 - Fametrahana sy fitantanana isan-taona ny valavelona ambatry	4
III.5 - Famonoana ny ambatry sy fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka	5
IV - Kaontim-pamokarana	6

I - Antony tokony hambolena ny Ambatry na Amberivatry

Fomba mahazatra	Olana	Vahaolana
		
Doro tanety Miala sasatra ny tanimboly Mampitondraka omby eny antanimboly	Fikaohan'ny riaka sy ny tsioka Atsimo ny nofon-tany Mirongatra ny ahidratsy Miha kotra haingana ny tany Tonga ny Kere	Mampiasa ny tapoka nohatsaraina Manafohy ny fotoanan'ny tapoka Mandrakotra ny tany

II - Tombotsoa mety ho azo

	Ambony tany	Miaro amin'ny fikahon'ny rivotra ny nofon-tany Miaro amin'ny firafitry ny tany amin'ny patrak'orana Mltahiry ny rano (ranon'ando) sy mampihena ny fahamainan'ny tany Manatsana ny tsiron'ny tany Azo atao sakafo ny voany Azo homena ny omby ny raviny
	Ambany tany	Mampitombo ny tahan'ny roka Mampiakatra ireo singa lasa lalina anaty tany Mamaky ny andrin-tany Mampitombo ny asan'ireo zavamanan'aina ao anaty tany Manatsara ny fitsihan'ny rano Mampiasa ny rano nitsika lalina ka afaka manome zava-maintso maharitra mandritra ny main-tany

- Voly maharitra 3-4 taona
- Maharakotra ny tany manomboka ny faha-2 taonany (herintaona raha tsara ny tany)
- Mety amin'ny tany mainty, tany fasika (sable blanc littoral), ary ny tany mena fasihana (sable roux) Mahatanty main-tany
- Tsy mahantany rano miandrona
- Maniry amin'ny faritra hafa ihany koa ankoatra ny faritra maina ny ambatry

III - Fambolena ny ambatry

III.1 - Tanjona :

Mamokatra ambatry handrakotra haingana ny tanimboly

III.2 - Fotoana fambolena

Raha volena samirery dia janoary – febroary, mahaharo rivotra avy hatrany ny taona manaraka, saingy kely ny vokatra

Raha ampiarahana amin'ny ampemba na bajiry dia volena andro iray, alohan'ny faran'ny volana desambra

Raha oktobra – novambra, dia maro fahavalo (aretina sy bibikely) sy tsy mahantaty daninkandro, nefa

mamokatra kokoa

Tsara raha mampiasa zezim-pahatra tsy misy voan-draketa mena

III.3 - Fomba famboalena sy ny elanelan'ny voly

III.3.1 - Ambatry samy irery


- Volena 50 sm x 25 sm : mila voa 80 – 100 g / 1 ara, masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

III.3.2 - Ambatry miaraka amin'ny ampemba na bajiry


- Ambatry: mila voa 60 – 80 g /1 ara masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

- Ampemba (30 – 50 g /1 ara) na bajiry (60- 80 g / 1 ara) : iray tsongo isan-davaka, ka fotony roa no havela

III.3.3 - Ambatry miaraka amin'ny Katsaka amin'ny tany efa nambolena teo aloha




- Ambatry: mila voa 30 – 40 g /1 ara masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny
- Katsaka na tsako : (200- 300 g / 1 ara) : iray tsongo isan-davaka, ka fotony roa no havela
- Atao elanelana 3 metatra ny soritra ambatry na amberivatry roa
- Sady lasa aro-rivotra izy no lasa mandonaka ny tany ihany koa



III.4 - Fametrahana sy fitantanana isan-taona ny valavelona ambatry

Tanjona : Miaro amin'ny rivotra na koa rivotra (tsioka atsimo) sy manatsara ny tsiron'ny tany



Tany tena ratsy :

1

2

3

4

5

Volena : 0,50
m x 0,25 m
ny ambatry

Esorina ny soritra
iray amin'ny roa
Ratsanana 1 m
miala ny tany ny
sampan-taho
voalohany, ny
volana novambra

Avela ho
valavelona ny
soritra 2 isaky ny
5 m, ny ambiny
vonoina
Mamboly
ambatry
vaovao, soritra 2,
eo ampovoan'ny
valavelonao roa

Vonoina ny
valavelona
ambatry izay
novolena taona
1
Avela ho
valavelona ny
ambatry izay
novolena taona
4, isaky ny 10 m

Mamboly
ambatry
vaovao
indray ,
hatao
valavelona
amin'ny
taona
manaraka



Tanimboly mbola azo volena :

3

4

Mamboly lavenona ambary isaky ny 5 m izay
havaozina isaky ny 3 taona
Hitarina ho 10 m ny elanelany ny taona 2, rehefa
mihatsara ny tsiron'ny tany

**Voly
anelanelan'
ny
valavelona :**
Manao
fifandimbias
am-boly na
fampivadiam
-boly



Tanimboly mamokatra

4

5

Mamboly valavelona
ambatry, soritra 2, miaraka
amin'ny bajiry isaky ny 10 m,
izay havaozina isaky ny 3
taona

Rehefa mbola ratsy ny tany	Rehefa mihatsara ny tany
Mangahazo miaraka amin'ny cucurbitacée (voatango, voatovo, voazavo) ny taona voalohany	Azo atao daholo ny voly rehetra, bajiry miaraka na mifandimby amin'ny mucuna “takilotra”, antake, lojy na ireo voly sarotiny toy ny tsako na tsakotsako



III.5 - Famonoana ny ambatry sy fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

- Tombohana amin'ny angady ny fotony andro vitsivitsy alohan'ny fambolena amin'ny taona manaraka
- Raha mbola misy tahony kely mitranga dia mety mbola hisy tsiriny handeha ny ambatry
- Tsy tsara vonoina aloha loatra ny ambatry sy ny voly miaraka aminy, sao lasan'ny rivotra (tsioka atsimo) na lanin'ny votry
- Raha midadasika ny tanimboly dia tsara raha tsy tapahana ny laharandroa ny ambatry, isaky ny 10 m ho lasa fefy velona

IV - Kaontim-pamokarana

Ity kaontim-pamokarana ity dia nalaina avy amin'ny kaonty ny katsaka mifangaro amin'ny Ambatry na Amberivatry hoan'ny tany 1 hektara, mandritra ny 2 (roa) taona nampiasana ny tekinka. Ary hita fa mampihena ny fandaniana izy amin'ny taona faharoa ary koa mampiakatra ny vokatra

Lahasa atao	Venty	Isa na fatra / ha	Vidin'iray (Ariary)	SARANY ISAN-TAONA (Ariary)	
				Taona voalohany	Taona faha-2
Vidim-bokatra taona voalohany					
Vidin'ny vokatra Katsaka na Tsako	kg	1 500	500	750 000	
Vidin'ny vokatra Ambatry	kg	1 000	300	300 000	
Vidim-bokatra taona faha-2					
Vidin'ny vokatra Katsaka na Tsako	kg	2 500	500		1 250 000
Vidin'ny vokatra Ambatry	kg	1 000	300		300 000
TOTALIN'NY VIDIM-BOKATRA (1) isan-taona				1 050 000	1 550 000r
Zavatra Vidiana					
Masomboly Ambatry atao misoritra mielanelana isaky ny 3 metatra	kg	12	1 200	14 400	14 400
Masomboly katsaka na Tsako	kg	20	2 000	40 000	40 000
Fikarakana Tany					
Asa tany angadinomby	ha	1	100 000	100 000	
Famotehana bainga	tombokandro	12	5 000	60 000	
Fandatsahana Tsako na katsaka na Tsakotsako	tombokandro	10	5 000	50 000	50 000

Lahasa atao	Venty	Isa na fatra / ha	Vidin'iray (Ariary)	SARANY ISAN-TAONA (Ariary)	
				Taona voalohany	Taona faha-2
Fihavana Katsaka in-dray	tombokandro	12	5 000	60 000	
Fandatsahana Ambatry	tombokandro	10	5 000	50 000	50 000
Fanampahana ny Taho-mboly rehetra eo amin'ny tanimboly (katsaka na Tsako +Ambatry na Amberivatry)	tombokandro	6	5 000		30 000
Fiotazana voalohany					
Fiotazana katsaka	tombokandro	10	5 000	50 000	
Fiotazana Ambatry	tombokandro	10	5 000	50 000	
Fanamainana Katsaka	tombokandro	5	5 000	25 000	
Fitehirizana Katsaka	tombokandro	10	5 000	50 000	
Fibatana isankarazany	tombokandro	10	5 000	50 000	
Fiotazana Faharoa					
Fiotazana	tombokandro	15	5 000		75 000
Fihotazana Ambatry	tombokandro	15	5 000		75 000
Fanamainana Katsaka (Tsako na Tsakotsako) sy Ambatry (Amberivatry)	tombokandro	10	5 000		50 000
Fitehirizana Katsaka (Tsako na Tsakotsako) sy Ambatry (Amberivatry)	tombokandro	20	5 000		100 000
Fibatana isankarazany	tombokandro	20	5 000		100 000
TOTALIN'NY FANDANIANA (2) isan-taona				599 400	584 400 Ar
Tombom-barotra (1-2) isan-taona				450 600	965 600

Les partenaires de mise en oeuvre

Contacts



CRS
Ampasanimalo Antananarivo
BP : 6073
Tel : 034 05 159 05 - 032 11 159 06
James.Hazen@crs.org



ODDIT
Enceinte Foyer Petit Séminaire St Paul.
Andoranga Saint Paul
501-Toamasina
B.P. 549 Tél 53 310 36
cr-to@moov.mg



BDEM
Enceinte Saint Paul de Chartes
Tanambao
317-Mananjary
Tél 72 093 66
hermancome@gmail.com



CDD
Enceinte Saint Ambroise/
DIDEC
Tsianaloka
501-Toliara
Tél 94 442 25
Gomez.eliane@yahoo.fr



CARITAS
Mission Catholique
618-Morombe
Tél 034 25 932 76 e
caritasmorombe@gmail.com